Nasaina Nanao Zavatra Miavaka i Mosesy

Toromarika: Tsara raha amin'ny toerana mangina ianao no mamaky ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ka renao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona asongadina ao.

Mpandray anjara: Jehovah Andriamanitra sy Mosesy

Famintinana: Nirahin'i Jehovah hitarika ny Israelita hiala tany Ejipta i Mosesy.

❶ ***ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY EKSODOSY 3:1-14; 4:1-17.***

Mety ho hoatran'ny ahoana ny paozin'ilay voaroy nirehitra? _____

_____

_____

Mety ho nanao ahoana ny tarehin'i Mosesy sy ny feony, tamin'izy nantsoin'i Jehovah? (Eksodosy 3:4) _____

_____

_____

Raha jerena ny zavatra nanontanian'i Mosesy an'i Jehovah, mety hoe natahotra ve izy sa hoe ahoana? (Eksodosy 3:11, 13; 4:1, 10) _____

_____

_____

❷ ***FAKAFAKAO ILAY TANTARA.***

Manaova fikarohana ao amin'izay boky ara-baiboly anananao, ka fantaro ny dikan'ilay hoe: "Hoporofoiko fa izaho ilay mahavita izay iriko." (Eksodosy 3:14) Nahoana i Jehovah no niteny an'io rehefa nanontany ny anarany i Mosesy?*

_____

_____

* Manao boky sy bokikely be dia be ny Vavolombelon'i Jehovah. Hanampy anao hahay Baiboly kokoa izy ireny. Raha mila fanazavana bebe kokoa ianao, dia manontania Vavolombelon'i Jehovah eny akaikinareo na manorata any amin'ny mpamoaka an'ity gazety ity.

Araka ny hevitrao, nahoana i Mosesy no tsy te hiresaka tamin'i Farao? (Vakio ny Nomery 12:3.)

_____

_____

Ary nahoana i Mosesy no nisalasala niresaka tamin'ny Israelita? _____

_____

_____

❸ ***AMPIHARO IZAY NIANARANAO. SORATY ETO IZAY NIANARANAO MOMBA AN'IRETO:***

Nahoana ny olona no tsy dia matoky tena indraindray?

_____

_____

Nahoana no azo lazaina fa matoky anao i Jehovah sady matoky hoe mahay ianao? _____

_____

FAMPIHARANA HAFA.

Rehefa manao inona ianao matetika no tsy matoky tena?

_____

_____

Mety ho azon'i Jehovah ampanaovina inona avy ianao, na dia tsy mahay be aza? _____

_____

_____

❹ ***INONA NO HITANAO HOE TENA MAHASOA ANAO AMIN'IO TANTARA IO? NAHOANA?***

_____

_____

Azo alaina ao amin'ny www.jw.org ao amin'ny Internet ity lahatsoratra ity



www.jw.org © 2012 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania